

## Mifototra amin'ny Galatiana 3:15-20.

### A NY FANEKENA SY NY TENY FIKASANA.

- ❖ Ny teny Grika ho an'ny “fanekena” dia diathēkē. Sady midika hoe fanekena no didimpanana izany. Fanekena izay ny andaniny ihany no manao fampanantenana ho an'ny ankilany. Io karazana fampanantenana io dia matetika no tanteraka amin'ny fotoana iray voafaritra (ohatra, rehefa nodimandry ilay mpanao didi-mpanana).
- ❖ Mampanantena Andriamanitra ary mandray isika. Nanaiky fotsiny tamim-pinoana ny teny fanekena no nataon'i Abrahama. Manatanteraka mandrakariva ny teny fikasany Andriamanitra (2 Korintiana1:20).

### B NY TENY FIKASANA SY NY LALÀNA.

- ❖ Nahafoana ny teny fikasana teo aloha ve ny lalàna? Tsia. Nahafoana ny lalàna ve ny fahatanterahan'ny teny fikasana [Kristy]? Tsia.
- ❖ Ny famonjena dia avy amin'ny finoana ny teny fikasana, koa tsy mahavonjy antsika ny lalàna.

### D NY TANJON'NY LALÀNA.

- ❖ Ny lalàna dia natao haneho ny toerana maha-mpanota misy antsika ary hanokatra ny masontsika amin'ireo ota eo amin'ny fiainantsika (Romana 7:13).
- ❖ Ny voambolana “ambara-pihavin'ny Taranaka” dia mety midika hoe tsy ilaina intsony ny lalàna rehefa tonga Kristy. Kanefa, “ambara-pihavy” dia tsy midika ho fotoana voafaritra mandrakariva.
  - Ohatra, hoy Jesosy: “kanefa izay anananareo dia tano mafy mandra-pihaviko.” (Apokalypsy 2:25) Izany akory dia tsy midika fa tsy mila fitiavana sy hatsaram-panahy intsony isika rehefa tonga indray lzy ...
- ❖ Ny lalàna dia tsy hoe famenoana ny banga nandritra ny 430 taona taorian'ny teny fikasana (Sinay) mandra-pahatongan'ny fahatanterahany (Kristy). Mihoatra lavitra noho izany ny faharetany.
- ❖ Ohatra, niteny tamin'i Abrahama Andriamanitra “satria efa nihaino ny feoko Abrahama ka nitandrina izay nasaiko notandremany, dia ny didiko sy ny teniko ary ny lalàko.” (Genesisy 26:5) Fantatr'i Josefa fa fahotana amin'Andriamanitra ny fijangajangana (Genesisy 39:7-10). Nitandrina ny andro Sabata ny zanak'Israely talohan'ny fanambarana ny lalàna (Eksodosy 16:22-26).
- ❖ Koa nahoana Andriamanitra no nanambara ny lalàna tamin'ny zanak'Israely tao Sinay tamin'ny alalan'i Mosesy?
- ❖ Satria nanadino ny ankamaroan'ny lalàna ny olona nandritra ny fanandevozana azy ireo tany Egypta.

### E NY FAHALEHIBIAZAN'NY TENY FIKASANA.

- ❖ Maharitra mandrakizay ny lalàna nomen'Andriamanitra ny Israely nefa tsy mahavonjy na iza na iza.
- ❖ Ny sorona nataon'i Jesosy (ny teny fikasana) no kihon-dalana teo amin'ny tantaran'ny Famonjena. Nanomboka teo amin'io fotoana io, dia nisy lalana hahazoana famonjena (izay dia naseho mialoha ara-tandindona tamin'ny lalàna seremonialy).
- ❖ Zava-dehibe ny lalàna, kanefa tsy afaka manolo ny teny fikasana ho amin'ny famonjena avy amin'ny fahasoavana sy ny finoana irery ihany izy. Noho ny lalàna, dia afaka mahatakatra tsaratsara kokoa ny fahatsaran'ny teny fikasana isika.